


# TORITENY – ALAHADY IV - KAREMY TAONA D



***"Dia aoka hihinana sy hifaly isika, fa ity zanako ity dia maty ka velona indray, ary very ka hita indray".***

Ry Kristianina havana, marina tokoa mety maro ny zavatra mahakivy atsika ka mahatonga atsika aza very fanahy mbola velona miatrika an'ireo zava-misy tena manahirana tokoa eo amin'ny fiainantsika araka ny voalazantsika tamin'ny Alahady lasa teo. Ny loza amantambo miseho amin'ny fiainantsika : ireny tondra-drano manapotika zavatra maro, ireny loza mahafaty olona maro, ireny horohoron-tany, tsunami etsy sy eroa, ireny ady, haint-tany, kere izay mamono olona maro, ireny aretina mikiky atsika ka mahatonga atsika aza mitady hanome tsiny an'Andriamanitra ka milaza fa avy amin'Andriamanitra ihany koa ny fahafatesana sy ireny fahoriana ary fijaliana ireny. Nanritantrerintsika fa Andriamanitra dia nahary atsika hitovy endrika aminy ka Aina sy fianana Andriamanitra, fitiavana izy ka lavitra azy ny fahafatesana. **Tsy Andriamanitra na oviana na oviana no nahary ireny loza sy fahafatesana ary ireny fijaliana ireny fa isika noho ny fahotana, noho ny hetraketraky ny ratsy no nahatonga ireny fahoriana ireny. Izay indrindra ary no anasan'ny fiangonana atsika amin'izao Alahady faha-efatra amin'ny Karemy izao, hiaiky, hahatoky ary hibanjina fa famindrampo tokoa Andriamanitra.** Raha famindrampo izy dia fitiavana tsy misy fetra, fitiavana maimaim-poana ka vonona mandrakariva

handray atsika raha isika no miova ho tsara miverina aminy. Ny tena mahavariana aza araka ny enontsika tamin'ny Evanjely, izy indray no faly ary manao izao fety hanambarany izay hafaliany izay satria ny aina manambara hafaliana, ary ny hafaliana dia aseho amin'ny fankalazana ary izany no mahatonga ny Eokaristia fankalazana ny ain'Andriamanitra, fandraisana sy fiombonantsika amin'Andriamanitra ka zary fety ho

antsika. Izay no ankalazaintsika amin'ny Paka ary andrandraintsika dieny izao fa indrindra raha miova ho tsara ny fontsika dia zary hafaliana tokoa ny fiainantsika. Ny faly voalohany dia Andriamanitra Ray

**Vakiteny I :** Jôs. 5, 9a. 10-12

**Tononkira :** Sal. 33, 4-5. 6-7

**Vakiteny II :** 2 Kor. 5, 17-21

**Evanjely :** Lk. 15, 1-3. 11-32

satria famindrampo izy. Raha famindrampo izy dia miova ho tsara ny fontsika izany hoe lasa fon'Andriamanitra ny fontsika.

Izy no faly ary ilay hafalian'Andriamanitra dia maninteraka amin'ny fiainantsika ihany koa ka isika mianakavy no faly sy ravo ao amin'Andriamanitra. Izay no fampianarana tian'ny Eglisy ampitaina amintsika amin'izao Alahady faha-efatra izao.

### **Andriamanitra tsy mivadika mandrakizay**

Efa mananontanona sy manakaiky tokoa ny paka, hiakatra an'i Jerosalema isika. Ho tonga amin'ny fotoana hiakarana mankany la montagne isika ka enga anie hiakatra koa ny fontsika hihavao sahadys isika ka ny fon'Andriamanitra tokoa ny fo ilay mitepo ao amintsika. Ka na dia eo aza ireo fahotana, isika mivadibadika noho ny fahotana, noho ny toetrantsika izay dia fantaro fa Andriamanitra dia vonona mandrakariva handray atsika. Na dia mafy hatoka aza isika, na dia miovaova aza isika dia Andriamanitra tsy mivadika mandrakizay. Izay no voalaza ao amin'ny bokin'I Josoe (Jôs. 5, 9a. 10-12) amin'ny vakiteny voalohany, na dia eo aza atsika mivadibadika, ny toetran'ny vahoakan'Israely dia hafaliana ho an'Andriamanitra no nanafaka ny vahoakany tany amin'ny fanandevozana tany Ejipta ka zary hafaliana ho azy ny miaraka amin'ny vahoakany. Izany tokoa, na dia eo aza ireo toetrantsika efa maha-menatra ary heverintsika f'efa tsy mendrika isika dia fantaro fa Andriamanitra vonona mandray atsika mandrakariva izy ary io toetrantsika io no habaribarin'I Jesoa ao amin'ny Evanjely (Lk. 15, 1-3. 11-32) : Isika miova ary indrisy aza mitady hitovy amin'Andriamanitra, izay ny fahotan'i Adama sy Eva, isaky ny manota isika dia manapotika ny fahasoavana nomen'Andriamanitra atsika.

Zarain'Andriamanitra maimaim-poana ny fahasoavany fa isika no manapotika azy, izay no naverimberintsika tamin'ny Alahady lasa teo, manapotika an'ity trano iombonantsika ity isika, ny fianakavantsika potehintsika noho ny fahotantsika, izay ilay tantaran'ilay zaza mpandany. Fantantsika tsara fa tantaram-pianantsika tsirairay avy io. Izay no amporisihintsika tsaiky jiaby amin'izao taonan'ny famindrampo izao handinika bebe kokoa an'ilay tantara ao amin'ny Evanjely Md lioka 15, ary asaina izy ireo haneho an'izay amin'ny fiainany. Toetrantsika io indrisy ka raha miverina isika tahaka an'ilay zaza mpandany, tadio tsara fa Andriamanitra eo mandrakariva amin'ny fiaianantsika, miandry atsika izy. Izay no dikany varavarana masina eo amin'ny Katedraly, miandry atsika izy, ao ny Tompo miandry atsika izy. Vao hitany atsika tsy hanontany atsika izy hoe taiza ianao, inona no nataonao, inona ny nopoipotehinao ? tsy ho tezitra amintsika izy, tsy izay Andriamanitra fa famindrampo.

### **Miverena amin'Andriamanitra isika satria be famindrampo izy**

Izao karemy izao miantso atsika izy hiverina any aminy ary rehefa miverina izy dia haveriny amintsika ny hasina maha- olona atsika, isika izay efa mirefarefa amin'ny tany. Fantaro ry Kristianina havana fa ny fahotana no mahatonga atsika mirefarefa amin'ny tany ary dia mihoatra noho ny biby izay noheverin'i Jody tamin'izay fotoana izay fa farany ratsy dia ny kisoa, na ny hanin-kisoa aza efa tsy azo, midika izany fa tena efa mirefarefa amin'ny tany mihitsy noho ny fahotana, kanefa raha miverina isika, mibebaka isika dia Andriamanitra manova ny fontsika, ny masontsika, ny tanantsika, ny tongontsika, ny sofintsika, ny vavantsika ary izao taona ny famindrampo izao dia kiraroan'Andriamanitra isika, omeny ny asany maha-zanaka atsika. Izay ny paka, matoa i Jesoa nandray ny rofy sy ny ratsy nopazaintsika teo, izy Andriamanitra nanaiky ny ho farany ambany farahidiny amin'ny fahafatesana teo amin'ny hazo fijapiana mba hampiakatra sy hanandratra atsika. Izay

ihany koa ny dikan'ny pelerinajy ataontsika amin'ny montagne de français, hiakatra isika hampiakatra ny fainantsika, tsy hirefarefa amin'ny tany intsony isika fa mba banana ny hasina maha-olona ka hijoro hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, hampanjaka ny fifankatiavana satria masina Andriamanitra jerentsika an'ireo manodidina atsika, tangan'Andriamanitra no hifandraisantsika an'ireo manodidina atsika, tongotr'Andriamanitra no entintsika mamakivaky ny fainana, vavan'Andriamanitra no entintsika miteny amin'ireo manodidina atsika, ny sofin'Andriamanitra no sofina hihainoantsika an'ireo manodidina atsika : avy amin'Andriamanitra izany na avy amin'ny olombelona manodidina atsika na avy amin'ny voaary ka amin'izay dia hiova ny fainantsika ka hanjary hafaliana ary izay ny fiadanana.

### **Lanonana sy fety lehibe ho an'Andriamanitra ny fiverenantsika aminy**

Ny fety izay voalaza amin'ny fanoharana io dia tsy inona fa ilay fontsika sy ilay fainatsika ao anatin'ny hafalian'Andriamanitra izay mandray atsika ao aminy ka izay fifandrais'an'Andriamanitra amintsika izay no fety. Isika ihany koa misy mpialona, enontsika amin'io fanoharana io, ilay lahimatea mitady hanilikili, io ihany koa mbola toetrantsika olombelona nefo Andriamanitra tsy kivy mananatra atsika mba handresy ny fialonana sy ny avonavona ka hiombona bebe kokoa, ho oloaraiky ao aminy, izay no dikan'ny Paka, izay no dikan'ny famindrampo. Io no fampianarana tian'i Md Paoly ampitsiahivina atsika ao amin'ny vakiteny faharoa (2 Kor. 5, 17-21) : Andriamanitra mampihavana atsika ao aminy amin'ny alalan'i Kristy, izay no Paka dia isika ho oloaraiky ao amin'Andriamanitra, ho zava-boahary vaovao, ho fo vaovao ka ilay taloha dia lasa fa fainanam-baovao no handrandraintsika amin'izao Paka izao sy amin'izao taona masina izao. Raha isika miverina avy manao pelerinajy amin'izao taona masina izao ka miditra amin'ny fainana andavanandro dia ny finoana izany no hitarika ka hahatonga atsika hahay hampitraotra ny finoana sy ny fainana andavanandro ka ho Paka manambara fainam-baovao izao Paka 2016 izao, Pakan'ny famindrampo ka hahay hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, ny fifankatiavana isika satria masina Andriamanitra izay jerentsika an'ireo manodidina atsika.

Ry Jesoa Tompo ô, ianao irery no nahafantaranay ny halalin'ny famindrampon'Andriamanitra ka enga anie izahay hahay hiroso amin'ny fainam-baovao ao aminao, ka izao Paka izao efa akaiky homaninay izao anie hanampy anay hiroso amin'ny fandraisana ny famindrampon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny sakramenta fa indrindra ny sakramentan'ny fampihavanana. Hivavaka izahay mba hibebaka tokoa izahay rehetra ary ireo izay mbola tsy vonona ny hibebaka anie hahatsapa noho ny fahasoavana izany hasarobidin'ny famindrampon'Andriamanitra izany ka hiroso amin'ny fibebahana. Raha mibebaka izahay dia ampiakarinao amin'ny fainam-baovao ao aminao ka ho zary ho zanak'Andriamanitra tokoa izahay ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fainana andavanandro ka izay no Paka ho anay, miala amin'ny fainana tsizarizary teo aloha, ilay fainan'ny zaza mpandany ka miditra amin'ilay fainam-baovao ka feno hafaliana sy fiadanana ny fainanay mianakavy, ny fainan'ny fiaraha-monina misy anay, ity tany misy anay ity, ilay trano iombonana ho feno fiadanana ary ny tanindrazanay hanjakan'ny fiadananao tokoa ka hiadam-pinaritra ao aminao izahay. Amen